

ca 18-01-21
sc PV
PV no 108
V
2
26



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiaivane · Tanindrazana · Fandrosoana



REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA
FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2020

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-108

**FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MOMBA NY TOLO-PEHIN-KEVITRA
LAHARANA FAHA-002-2020/R « PORTANT CODE D'ÉTHIQUE ET DE DÉONTOLOGIE DE
L'ASSEMBLÉE NATIONALE », NATOLOTRY NY SOLOMBAVAMBAHOAKA
ANDRIANAMBININA DJOHARY LEE, VOAFIDY TAO VONDROZO.**

Fivoriana faha-22
Natao ny
- Alarobia 16 Desambra 2020 -
- Tolak'andro -

FIVORIAMBE

FILOHA : Andriamatoa RABENIRINA Jean Jacques

MPITANTSORATRA : Ramatoa isany: - ANGELE Solange
- RAHANTANIRINA Lalao

FANDAHARAM-POTOANA : Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Tolopihin-kevitra laharana faha-002-2020/R « portant code d'éthique et de déontologie de l'Assemblée nationale », natolotry ny Solombavambahoaka ANDRIANAMBININA Djohary Lee, voafidy tao Vondrozo.

FOTOANA : Alarobia 16 Desambra 2020, tamin'ny 3 ora sy 10 minitra, tolak'andro.

- 1 -

- Fitohizan'ny fivoriana -

Andriamatoa RABENIRINA Jean Jacques no nomen-dRamatoa Filoha, andraikitra hitarika ity fivoriambe ity.

Andriamatoa FILOHA

Tompokolahy sy Tompokovavy,
Mitohy ny fivoriantzika.

Miarahaba antsika Solombavambahoaka tonga manatrika izao fivoriambe izao. Arahabaina torak'izany koa ianareo vahiny. Tsy hotanisaiko angamba ianareo vahiny rehetra. Misy tsy miteny malagasy raha tsy diso aho. "Bienvenue à l'Assemblée nationale".

Izao isika dia hiditra amin'ny fiantsoana anarana. Miangavy anao, Ramatoa Mpitantsoratra hanatanteraka izay fiantsoana anarana izay.

- 2 -

- Fiantsoana anarana -

Ramatoa ANGELE Solange

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

langaviana am-panajana isika, Solombavambahoaka araky ny mahazatra mba hanonona tsirairay ny anarantsika.

AFAKANDRO Alphonse

.....
.....
.....

ZAFINANDRO Perle Bien Aimée

Vita, Tompoko.

Andriamatoa FILOHA

Misaotra, Ramatoa Mpitantsoratra.

Araka ny efa hitantsika teo amin'ny tabilao, ny fandaharam-potoanantsika izao tolak'andro izao dia maromaro ihany, mizara telo na efatra izy izay. Rehefa avy eo isika handray ireo vahiny; misy ny UNICEF, ny ROHY sy ny sisa.

Ny hidirantsika voalohany angamba dia ny fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-002-2020/R « portant code d'éthique et de déontologie de l'Assemblée nationale », natolotry ny Solombavambahoaka ANDRIANAMBININA Djohary Lee, voafidy tao Vondrozo.

langaviana ny Mpampakatenin'ny Vaomiera Itambarambe natao androany maraina mba hiakatra etỳ aloha hanatanteraka izay tatitra izay, Tompoko.

Mandroso ianao, Ramatoa Solombavambahoaka

- 3 -

- Famakiana ny tatitra momba ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-002-2020/R -

Ramatoa RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Ianareo rehetra, isika Solombavambahoaka sy ny vahiny rehetra. Miarahaba, Tompoko.

Hovakiana avy hatrany ny tatitra.

Nivory ny Alarobia 16 Desambra 2020 tamin'ny 1 ora, atoandro, ny Vaomiera Itambarambe nandinika ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-002-2020/R "portant code d'éthique et de déontologie de l'Assemblée Nationale" natolotry ny Solombavambahoaka ANDRIANAMBININA Djohary Lee, voafidy tao amin'ny Distrikan'i Vondrozo.

Ramatoa RAHERIJAONA Régina Clarisse Filoha Lefitry ny Vaomieran'ny Lalàna no nitarika ny fivoriana.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha dia nomeny an'Andriamatoa RANDRIANAMBININA Djohary Lee ny fitenenana. Tamin'izany no nanazavany fa ity tolo-pehin-kevitra ity dia tokony ho rantsana mampitohy amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena ihany ary mametraka ny fitsipika ankapobeny mikasika ny "éthique" sy ny "déontologie" mifehy ny Solombavambahoaka.

Taorian'izany dia nanambara ny mpivory maromaro, fa tokony hajanona ny fandinihana izao tolo-pehin-kevitra izao, noho ireto antony manaraka ireto; mbola tsy fotoanany izao, efa voafaritra ao anatin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena ny ankamaroan'ny voalaza ato anatin'ity tolo-pehin-kevitra ity. Mbola tsy mifanandrify amin'ny toe-tsain'ny Malagasy izao rijan-teny izao.

Rehefa izay dia niroso tamin'ny fandanihana ny tolo-pehin-kevitra ny mpivory.

Tapaka teo anivon'ny Vaomiera Itambarambe fa hajanona ny fandinihana ity tolo-pehin-kevitra laharana faha-002-2020/R "portant code d'éthique et de déontologie de l'Assemblée nationale" izay natolotry ny Solombavambahoaka ANDRIANAMBININA Djohary Lee, voafidy tao amin'ny Distrikan'i Vondrozo ity, ka hatolotra eo anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 2 ora, tolak'andro, ny fivoriana, rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Misaotra, Tompoko.

- 4 -

- Fandraisanana fanapahan-kevitra mikasika ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-002-2020/R « portant code d'éthique et de déontologie de l'Assemblée nationale » -

Andriamatoa FILOHA

Ianao ny isaorana, Ramatoa Solombavambahoaka nitondra izay tatitra izay. Mbola tsy miala eo amin'ny toerana aloha ianao.

Sao misy manana fanamarihana momba ny tatitra novakiana teo isika. Mbola tsy miditra amin'ny adihevitra ankapobeny, fa mikasika ny tatitra ihany aloha; sao misy fanamarihana, isika tao anatin'ny Vaomiera.

Tsy misy?

Rehefa izany dia afaka miverina amin'ny toerana ianao, Ramatoa Mpampakateny. Misaotra indrindra.

Hiditra amin'ny adihevitra ankapobeny isika, ka izay handray fitenenana dia manangan-tànana mba handraisana ny anarany.

Tsy misy?

Hanao tsangan-tànana isika, handraisana fanapahan-kevitra mikasika izay tatitra nataon'ny Vaomiera izay.

Koa izay manaiky ny fanapahan-kevitra ny vaomiera dia atsangano ny tànana.

- Solombavambahoaka maro no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny

- Solombavambahoaka miisa 6 no nanangan-tànana -

Ambarako fa lany ny fanapahan-kevitry ny Vaomiera. Izany hoe, nenkentsika fivoriambe ny fanapahan-kevitra avy any amin'ny Vaomiera hoe ajanona ny fandinihana ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-002-2020/R "portant code d'éthique et de déontologie de l'Assemblée nationale".

Misaotra antsika rehetra tamin'ny fandraisana anjara.

- 5 -

- Fiatoan'ny fivoriana -

Tompokolahy sy Tompokovavy miato aloha ny fivorianty, saingy araky ny voasoratra ao amin'ny tabilao dia mbola hisy fandaharam-potoana manaraka.

Misaotra Tompoko.

Niato tamin'ny 3 ora sy 15 minitra, tolak'andro ny fivoriana.


NY FILOHA
RAZANAMAHASOA Christine Harijaona